

# TARATRA

www.taratramada.com

Laharana 2289 • Alakamisy 8 septambra 2011 • Vidiny : 200 Ar - 12 pejy

Fiarahamonina - Kolontsaina

5

## ERICK MANANA SY JENNY FÜHR **Seho faradoboka eto Antananarivo**

*Raha nisy ny fampiarahana mozika nisongadina indrindra tamin'ity taona ity, anisany ny fiarahan'i Erick Manana sy Jenny Führ ary ireo mpitendry kalaza niaraka taminy. Taorian'ny fitetezam-paritra, hisy ny seho faradoboka etsy amin'ny Carlton Madagascar.*

Hisy ihany ilay famerenana ! Maro ireo tsy tafiditra tao amin'ny Ccesca Antanimena tamin'ny volana jona, na dia efa roa andro nisesy aza no nanaovana ilay fampisehoan'i Erick Manana sy i Jenny. « *Ho azy ireo indrindra no nanaovana ny famerenana eto Antananarivo, satria maro ireo naneho ny hetahetany taminay* », hoy i Erick Manana. Hotontosaina etsy amin'ny Carlton Madagascar, Anosy, ny fampisehoana, ny zoma 9 septambra izao

manomboka amin'ny 9 ora alina. Tsy ny Mi'Ritsoka Production, izay tompon'antoka tamin'ny fitetezam-paritra andiany voalohany nataon'ny tarika tamin'ny vola jona intsony, kosa no misahana ny fikarakarana, fa ny Discovery Production, izay nanatontosa ny seho roa tany Mahajanga farany teo.

Tsy miova ireo mpitendry manaraka ity fiarahan'i Jenny sy i Erick Manana ity, fa mbola ireo kalaza amin'ny zavamaneno lalaoviny isani-

sany ihany : Rakôly (gitara, feo), Nini (gitara beso, feo), Donné (amponga, sodina, langoroana), Solofo Bota (angorodao), Bariliva (valiha), Titi (clarinette, saxophone) ary Sata (percussion). Marihina fa vahiny manokana amin'ity seho faradoboka ity i Bebey. Mazava ho azy fa ho maromaro kokoa ireo hiran'ny Lôlô sy ny tariny iarahany amin'i Erick Manana sy ny ekipany, noho izany.

**Zo ny Aina Randriatsiresy**



*Erick Manana sy i Jenny ary ny ekipany.*